




Ilay boky miavaka



SARY NATANONI ADAM RECORD

Nosoratan'i Julia Willardson
(Niainga avy tamina tantara marina)

Anjaranao izao no mamaky ry "Dada" hoy i Bernice. Nosokafany ny soratra masina. Nipetraka teo akainy teo amin'ny seza lava i Dada sy i Neny.

I Dada no mamaky ny soratra masina voalohany. "Fantatro fa tia ireo zanany Izy."

"Fantatro fa tia ireo zanany Izy," hoy ny naverin'i Bernice.

"Na dia eo aza izany," hoy i Dada, "dia tsy fantatro ny hevitry ny zava-drehetra."^{*}

Somary saratra ilay hoe *na dia eo aza izany*. Mbola tsy hain'i Bernice ny mamaky azy, ary tsy fantany ny tian'i-reo teny rehetra ireo ambara. Saingy tiany ny mamerina ireo teny rehefa miaraka mamaky ny soratra masina ny fianakaviany.

Ny ampitson'io tamin'ny fotoana famakiana ny soratra masina dia nana zavatra tsy nampozina i Dada. "Misy zavatra miavaka ho anao ity," hoy izy. Nanome boky an'i Bernice izy. Misy sari na vahoaka sy sambo eo anoloana.

"Ho ahy ve ity?" Hoy i Bernice nanontany. Nofihininy tamin'ny tanany ilay boky be.

"Ho anao," hoy i Dada. "Jereo ny ao anatiny."

Nosokafan'i Bernice ilay boky. Nihangeza ny masonry. Feno sary miloko tao.

"Inona no anaran'ity?" Hoy i Bernice nanontany.

* 1 Nefia 11:17

Notondroin'i Dada ireo teny teo amin'ny fonony. "*Ireo tantara ao amin'ny Bokin'i Môrmôna*," hoy izy.

Narahin'i Bernice ireo teny teo amin'ny fonony. "*Ireo tantara ao amin'ny Bokin'i Môrmôna*," hoy izy.

"Misy ireo tantara vakintsika ao amin'ny soratra masina izy io," hoy i Neny.

Nanondro ny iray tamin'ireo sary i Bernice. "Iza ito?" hoy izy nanontany.

"Hmm. Hitanao ve io tsipika sy zanta-tsipika io?" Hoy i Neny nanontany.

Nanetsika ny lohany i Bernice.

"Tsaroanao ve ny namaky momba ny olona iray izay simba tsipika?" Hoy i dada nanontany.

"Nefia ve?" Hoy i Bernice.

"Eny, i Nefia," hoy i Dada.

Nitsiky i Bernice. "Misaotra Dada.

Misaotra Neny. Tiako ity boky ity."

Isaky ny hariva i Bernice dia mama-ky ny bokin-tsoratra masiny miaraka amin'i Dada sy i Neny. Tondroiny ireo sary. Nianatra nanonona teny saratra vitsivitsy izy. Ary nianatra namaky irey teny mora vitsivitsy izy.

Mahatonga azy hahatsapa fifaliana ny famakiana ny soratra masina. Faly izy fa afaka mamaky izany miaraka amin'i Dada sy i Neny! ●

Tany amin'ny Repoblika Demôkratikan'i Congo no nisehoan'ity tantara ity.